Ny mpitandrina matihanina

Maro ireo asa ilàn'ny Tafo mpitandrina matihanina, anisan'izany ny :

- ✓ Mampivavaka isaky ny alahady
- ✓ Mampianatra ny katekomena
- ✓ Mampita ny Soratra Masina amin'ny alalan'ny fampianarana ankoatra ny toriteny.
- ✓ Mampiofana ny diakona sy ny mpiandraikitry ny Tafo
- ✓ Mamangy Tokantrano
- ✓ Mampahery sy manatanjaka ny reraka am-panahy
- ✓ Manomana sy miandraikitra ny sakramenta
- ✓ Mitarika ny fivorian'ny mpandray
- ✓ Manatrika ny fivoriana misy eo amin'ny Tafo, ny faritany… sy ny fivoriana miaraka amin'ny fiangonana rahavavy hafa
- ✓ …..sy ny maro hafa tsy ho voatanisa eto.

« Maneke ny mpitondra anareo, ka manoava azy ; fa izy miambina ny fanahinareo araka izay tokony hataon'ny olona mbola ampamoahina, mba hanaovany izany amin'ny fifaliana, fa tsy amin'ny fisentoana ; fa tsy hahasoa anareo izany » Heb13 :16-

VAOMIERA MITRANDRAKA NY AMIN'NY MPITANDRINA MATIHANINA (V3M)

Mpandrindra :Rtoa RALANTOMANANA Mbola
6 allée du prieuré
33270 FLOIRAC
05 56 32 66 75
06 14 31 75 19
mbolazo@aol.com

Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy
Siège national
47 rue de Clichy
75009 Paris
Tél. 01 45 96 03 05
fpma Bordeaux

FAMPAHALALANA MIKASIKA NY TANJONA HANANANA MPITANDRINA MATIHANINA

FPMA BORDEAUX

FEVRIER 2010

« *Aza matahotra ianao, fa momba anao Aho, ary aza miherikerika foana, fa Izaho no Andriamanitrao, mampahery anao sady mamonjy anao* **».**

Hebreo 12 :28

V3M TAFO BORDEAUX

Ny zava-misy

-Tsara ho fantatsika mpiara-mivavaka eto amin'ny Tafo Bordeaux, fa ny mpitandrina izay mitarika ny fanompoam-pivavahana ny alahady faharoa sy faha-efatra dia Mpitandrina voatendry ho mpandrindra ny Tafo.

-Izy dia mpitandrina tsy mandray karama fa ny tafo kosa no miantoka ny saran-dalàny sy manome vatsy na indemnité ho azy isaky ny mandalo miasa eto izy.

-Tsy monina eto Bordeaux izy, koa raha misy izay ilana mpitandrina an-davan'andro dia miankina amin'ny fandaharam-potoany ny ahafahany tonga na tsia.

- Isan-taona dia efa misy eo amin'ny 8000€ eo ny teti-bola ho amin'ny fanafarana Mpitandrina izay azontsika iaingana ho amin'ny fanaramana.

"Tsy fantatrareo va fa izay manompo amin'ny zavatra Masina dia mihinana ny zavatry ny Tempoly, ary izay manompo eo amin'ny alitara dia miombona amin'ny alitara? Toa izany koa no nandidian'ny Tompo, fa ***izay mitory ny filazantsara dia hahazo fivelomana amin'ny filazantsara"*** I Kor 9: 13-14

Ny tanjona hananana Mpitandrina Matihanina

✓ Ao anatin'ny fankalazana ny faha 50 taonan' ny FPMA Bordeaux isika ary tanjona iray lehibe tokoa ity hetahetantsika hiroso amin'ny fananana mpitandrina matihanina ity.

✓ Tamin'ny volana jona 2009 no natsangana ny Vaomiera Mitrandraka ny amin'ny Mpitandrina Matihanina hijery izay fomba hanatrarana ny tanjona dia ny fananana mpitandrina matihanina.

✓ Koa ity taona 2010 no:

- Kendrena hanaovana ny tomban'ezaka hijerena ny fahavitan'ny Tafo Bordeaux miroso amin'izay tanjona fananana mpitandrina matihanina izay.

- Heverina hanapahan-kevitra eo amin'ny fivorian'ny mpikambana tompon'andraikitra ny daty hakan'ny Tafo FPMA Bordeaux mpitandrina matihanina.

"Aoka isika hanana fahasoavana ho entintsika manao izay fanompoana sitrak'Andriamanitra amin'ny fanajana sy ny fahatahorana" Heb 12:28

Ny ezaka tratrarina

Tsy ho nofinofy ny ahazoantsika mpitandrina matihanina raha:

- *Miezaka mandoa ny adidiny ny mpandray tsirairay.*
- *Misy mpanohana 50 manome 15euros isam-bolana na 180 euros isan-taona*
- *Mifanome tànana ny rehetra amin'ny asam-piangonana tanterahin'ny tafo.*

"*Aoka ny olona rehetra samy hanao araka izay inian'ny fony avy, tsy amin'ny alahelo, na amin'ny faneriterena; fa ny mpanome amin'ny fifaliana no tian'Andriamanitra" II Kor 9:7*

Koa andeha isika hanao soroka miara-milanja sy tongotra miara-mamindra ka hitondra am-bavaka sy hanohana ity asa Masina napetraky ny Tompo amintsika mpiara-mivavaka eto amin'ny tafo FPMA Bordeaux ity.

" Ampy ho anao ny Fahasoavako, fa ny heriko dia tanterahina amin'ny fahalemena Fa ny fahalemeko no fahatanjahako" *II Kor 12: 9-10*